UNION POPULAIRE RÉPUBLICAINE

*L'union du peuple pour rétablir la démocratie*

# Sata Fanorenana

## Fivondronan'ny Vahoaka Repoblikana

*Fivondronan'ny Vahoaka hanorina indray ny Demokrasia*

**Malagasy**

*Averinay avoaka eto ambany ny lahatsoratrin'ny Sata nanorina ny Fivondronan'ny Vahoaka Repoblikana (UPR) izay neken'ireo rehetra nanatrika tamin'ny 25 martsa 2007, andro namoronana ny hetsika. Ity lahatsoratra ity dia tsy nisy nokitihina na novaina nanomboka tamin'io daty io, ka ahafahan'ny mpamaky handrefesana, miaraka amin'ny tombotsoan'ny fotoana, ny fahazavany sy ny mahamety azy. Vao maika manaporofo ny Satan'ny UPR, ny fotoana mandroso, fa mahataka-davitra sy mahatsinjo ny ho avy izy.*

Nanapa-kevitra ny Frantsay samy hafa sokajin-taona sy fihaviana izay nivory tao amin'ny zaikabe ny 25 martsa 2007 - tsingerintaona fahadimampolon'ny Fifanarahana tao Roma – hanangana ny Fivondronan'ny Vahoaka Repoblikana (UPR) mba hamerenana amin'ny laoniny ny fahaleovantenan'i Frantsa, hamerenana amin'ny laoniny ny fahafahan'ny vahoaka Frantsay, ary hamerina amin'ny firenentsika ny andraikiny manan-tantara amin'ny maha mpitondratenin'ny fahafahan'ny vahoaka sy ny firenena maneran-tany.

Ireo mpikambana mpanorina dia nanaiky ny handrafetana ity Sata ity, izay manipika ny mampiavaka ny fanadihadiana sy ny fandaharan'asan'ny UPR. Izay mpikambana ao amin'ny UPR dia heverina ho namaky ity antontan-taratasy ity, mizara ny famakafakana sy ny fehin-keviny, ary mampihatra ny torolàlana.

**UPR, 26-28 rue Basfroi, 75011 PARIS, FRANCE — www.upr.fr**

Droits réservés — All rights reserved— Zo rehetra voatokana

## 1. Famakafakana ny zava-misy ao Frantsa : Eoropa no olana fa tsy vahaolana

Ny Fivondronan’ny Vahoaka Repoblikana dia miavaka amin'ny fihetsehana ara-politika rehetra izay misy amin'ny lafiny roa lehibe :

- amin’ny lafiny iray,  ny famakafakana ny zava-misy ao Frantsa
- amin’ny lafiny roa, ny fomba entina ahafahana ny firenentsika ao anatin’ny olana goavana ara-politika, ara-toe-karena, ara-tsosialy ary ara-toe tsaina aman-panahy izay tsy mitsahatra mandetika ny tanintsika.

Na dia marina aza fa tsy tokana ny anton’ny olan'ny firenentsika dia azo antoka anefa fa ny fanorenana eoropeana no fototrin’ny olana  iray lehibe indrindra.  Lavitra ny vahaolana, araka ny nampirisihana antsika hino nandritra ny antsasaky ny taonjato, ny fanorenana Eoropeana no tena fototra niavian’ny olana. Satria mametraka ny Frantsay ho eo ambany fitarihan'ny vahiny, izay manafoana ny safidin’ny Frantsay ara-demokratika, manidy tsy an-kiato ny hoaviny, manitsy tsy misy dikany ny sehatry ny tombontsoany, ary mandentika azy ireo mandritra ny fotoana tsy voafetra sy tsy misy antony ho amin'ny fanamavoana ny tenany mandray ny endrikin’ny famoizam-po.

### Ny UPR dia antokon'ny taonjato faha-21 izay mahafantatra ny tena zava-mitranga ao Frantsa sy eran'izao tontolo izao

Noho ny fahasamihafan'ny fiaviana, ny sokajy taona, ny fiofanana ary ny asan'ireo tompon’andraikitra sy mpitolona ao aminy, ny UPR dia tsy antokon'ny na tsy mahalala na te-hiverina amin’ny lasa. Tsy izany mihitsy fa antoko teraka tamin'ny taonjato faha-21 izy io, mahafantatra tsara ny teknolojia amin'ny androny, tena mandinika lalina ny zava-mitranga any an-kafa eto amin'izao tontolo izao, mahafantatra tsara ny fahasarotan'ny olana iraisam-pirenena, ny lanjan’ny teritery ara-toe-karena, ny fivoarana ankapoben'izao tontolo izao sy ny toe-tsaina, ary koa ny fomban-drazana an-jato taona maro momba ny fisokafana sy ny taratrin'ny firenentsika.

Ny ankabeazan'ny antoko politika dia mihevitra fa ny olan'i Frantsa dia avy amin'ny fahatarana amin'ny fampiharana ny "fanavaozana ilaina", fahatarana vokatry ny fihetsika miadan’ny Frantsay amin’ny fanarahana ny firenena hafa eran-tany. Saingy ity fanamelohana lava ny mpiray tanindrazana ity dia mitohy foana nefa ireo hetsika ara-politika ireo tsy manao fandalinana matotra, feno ary tsy misy hevitra ideolojika mialoha, momba ny tena antony manazava ny fahombiazana sy ny tsy fahombiazan'ny firenena hafa eto amin'izao tontolo izao.

Hafa mihitsy ny fomba fiasan'ny UPR, izay mametraka ny famakafakana amin'ny fandalinana marim-pototra sy henjana momban’ny zavatra atao any an-kafa eto amin'ny planeta – fa tsy any amin'ny firenena eoropeanina vitsivitsy na any Etazonia ihany.

### Famakafakana hentitra izay manova ny hevitra mahazatra

Ny UPR, ohatra, no hany antoko politika frantsay izay :

- nahatsapa fa ny fizotran'ny fananganana vondrona politika kaontinantaly, omena governemanta omen-danja mivoaka ny sehatra nasionaly toa ny Vaomiera Eoropeana, dia tsy nalain-tahaka na aiza na aiza eran'izao tontolo izao, ny mifanohitra amin'izany no misy izay hanjakan'ny fototra Fanjakana-firenena •
- milaza fa raha ny antontan’isa misy erantany no jerena, dia tsy misy fifandraisany mihitsy ny haben'ny Fanjakana sy ny fari-piainan'ny mponina ao aminy ; fa misy infandraisana kosa ny fitiava-tanindrazana sy ny fitomboana ara-toe-karena.
- nanipika f²a ny orinasa any Eoropa dia mampitombo hatrany ny fifandraisany amin’ny

orinasa hafa manerana izao tontolo izao, indrindra any Azia, mba ahafahany mifaninana tsaratsara kokoa amin’ny orinasa eoropeana hafa. Io firehana mavesatra eo amin'ny fandraharahana io dia manaporofo ny fahadisoan'ny fandresen-dahatra izay mihevitra fa ny fananganana eoropeana dia zavatra tena ilaina ara-ekonomika sy indostrialy ary hamela antsika hanangana "tompondaka eoropeana".

- nanazava tsara ny fizotry ny fomba fandraisana fanapahan-kevitra eo anivon'ny ambaratonga-piarahamonina, ny fanilikilihana an'i Frantsa, ary ny hery lehibe mbola hananan'ny amerikana ao anatiny.
- nampahafantatra ny mpiray tanindrazana ny fandaniana marina ary mihabetsaka hatrany ateraky ny fananganana eoropeana eo amin’ny toe-karena sy ny tetibola frantsay.
- nampafantatra fa maro ny firenena erantany, atomboka amin’i Japon sy Etazonia, izay tsy manaja akory ny fepetra tapaka tany Maastricht izay aseho antsika ho toy ny filamatra amin’ny fitantanana ara-toe-karena sy ara-bola.
- nanazava fa raha misy firenena mety ho bankirompitra dia Etazonian'i Amerika izay misy ireo mpandraharaha ara-toe-karena (Fanjakana federaly, Fanjakana mizaka tena, orianasa sy tokatrano) izay maro no nidiran-trosa noho ireo  Frantsay mitovy aminy.

Ny UPR dia manamafy fa tsy misy na iray aza amin’ireo olana goavana mianjady amin’i Frantsa no mety ahita vahaolana maharitra raha toa ny pôlitika hampiharina tsy mahazo ny fankatoavana mazava ary mavesatra avy amin’i Frantsay. Tsy mety ho azo avy amin’ny mpiarabelona amintsika anefa izany fankatoavana izany raha toa ny fahefana hampiharina aminy tsy mifototra amin’ny sitrapon'ny firenena malalaka sy ankitsipo, voafaritra tao anatin'ny safidy demokratika marina. Tsy afaka atao maharitra ny mitondra an'i Frantsa amin’ny alàlan'ny fanoherana ny vahoaka ao aminy.

## Ny vato misakana amin'ny zavamisy any Frantsa dia avy amin'ny fametrahana ny vahoaka frantsay izay tsy azo lazaina - ary tsy nekena - ho ambany fanaraha-mason'ny vahiny

Ny lesona azo avy amin’ny tantara mihoatra ny 1500 taona no ifotoran'ny UPR amin’ny fampatsiahivana ataony fa ny vahoaka frantsay dia tsy nanaiky mihitsy hoe misy fahefana avy any ivelany manindry azy na tsy ekeny lalina ao anatiny ny maha-ara-drariny azy.

Na inona na inona fampisehoana tombotsoa amin'ny ho avy, feno nofinofy, na noezahana nohamamiana, dia tsy azo iadian-kevitra fa vokatr'ny tsy fisian'ny vahoaka eoropeana, ny Firaisana eoropeana dia mametraka ny vahoaka frantsay eo ambanin’ ny fitondrana vahiny, izay mifototra amin'ny fitondran'olom-bitsy, ary tsy nofidiana, ary mazava indrindra fa tsy eken’ny Frantsay ny maha-ara-drariny azy. Ny tantaran'i Frantsa manotonlo dia mampahatsiahy antsika fa io fanekena io dia tsy mety fa mandalo ihany. Tsy afaka hijoro fotoana maharitra.

Na dia niseho ho nanaiky ny "fanorenana eoropeana" aza ny Frantsay indrindra tamin'ny alalan'ny fitsapa-kevi-bahoaka tamin’ny fifanarahana tao Maastricht, izay nankatoavina tao anatin'ny toe-javatra mitsingilahila, iny fifanekena sadasada iny dia tsy vita raha tsy tao anatin'ny toe-javatra manjavozavo, fanerena mafy ara-tsaina izay nandrahona ny mpiara-belona amintsika fa raha nandà izy ireo dia hisy ny fiantraikany faran'izay ratsy dia ratsy.

Tsy mbola nisy mihitsy nampilaza am-pahamarinana sy amim-pahatokisana ny Frantsay, ny fiantraikany tsy mahasoa azo tsapain-tànana   izay ho entin'ny famindrana fahefana mavesatra izay nanerena azy ireo hanaiky maimaika ary tsy mazava, sanatria toa zavatra maivana. Tsy mba nisy nampiomana mihitsy ireo mpiray tanindrazana amintsika ohatra, amin'ny fomba mazava sy hentitra tokony natao, momban’ny fanarahana ny safidy lehibe stratejika amin'ny ho avin'i Frantsa, ny pôlitika ivelany sy ny fiarovam-pirenena, ny amin'ny sehatra sosialy, ara-toe-karena, ara-bola, ara-tontolo iainana sns...,dia tsy hiankina intsony amin'ny safidin'izy ireo.

Ny mpiray tanindrazana, ohatra, dia tsy nampitandremana mihitsy, tamin’ny fomba mazava sy manetriketrika, fa, manomboka izao, ireo safidy stratejika lehibe amin’ny hoavin’i Frantsa, eo amin’ny lafiny politika ivelany sy ny fiarovam-pirenena, eo amin’ny sehatra sosialy, ara-toe-karena, ara-bola, ara-tontolo iainana, sy ny sisa, dia tsy hiankina instony amin'ny vato fifidianany.

Ary na dia hita aza fa tsy mahasoa (araka ny hitantsika tsara ankehitriny), ireo safidy nanapahina hevitra ireo dia mbola hitohy hanery azy ireo, avy any ivelany, amin'ny alàlan'ireo mpamily ekipa tsy mitombina, izay tsy ho ela dia ivondronan'ny fanjakana telopolo, ka ny herin'i Frantsa dia nanjary anjorom-bala fa ny an'ny Etazonia kosa, amin'ny alàlan'ny herin'ny fifandraisany dia lasa mahery vaika.

Tofokin' ny fampielezan-kevitra tsy mijanona izay mandidy azy ireo hanaiky fa ny fanorenana eoropeana dia sady mitarika fandriampahalemana, no tsy azo hidivirana ara-tantara, no filàna ara-pôlitika, fahamehana ara-toe-karena, fandrosoana ara-tsosialy, mitaky fahamatorantsaina, sy ny maro hafa koa, tamin'ny farany ny frantsay dia tsy nieritreritra intsony fa mbola azo dinihina akaiky izany, hanaporofoana ny mifanohitra amin'izany ary azo lavina.

Fa niaraka tamin'ny izany, ny Frantsay dia tsy mba nieritreritra akory fa ireo olom-boafidiny dia tsy ho afaka ny hanapa-kevitra intsony ny amin'ny izay ho paikady mahomby ho an'i Frantsa.

Toy izany koa no tsy nahatsapan'izy ireo akory fa azo atao ny nampiombona azy ireo amin'ny ireo fanjakana 27, ny ankabiazan'izy ireo tsy araka ny sitrapony, ho afaka hitambatra ho lasa maro an'isa mandidy ny vahoaka Frantsay handray ny fanapahan-kevitra izay tsy ankasitrahany.

Ny vokatr'ireo fifanoheran-kevitra ireo dia nampisy savorovoro lehibe ara-tsaina, izay miharatsy hatrany arakaraki'ny fahazavan'ny zava-misy ahatsapan'ny Frantsay fa mifanohitra amin'ny fampanantenana goavana izay notanisaina taminy izany nandritry ny taona maro.

Nomena toky ny Frantsay fa :

- "i Eoropa dia ivon'ny fandriampahalemana".
Kanefa izy ireo dia mahatsapa fa i Eoropa dia te-hitarika an'i France ho amin'ny firaisankina hamaky ady hiaraka amin'i Etazonia izay tsy manaraka ny lalàna iraisam-pirenena toy ny any Iraka ohatra.

- "Ny vola euro dia midika fitomboana sy asa bebe kokoa".
Saingy ny faritra euro dia tsy mitsahatra ny lanterina mena maneran-tany amin'ny lafiny fitomboana sy asa.

- "Eoropa no fanambinana".
Ny fahefa-mividy anefa dia tsy miova na mihena ary ny fijery ny ho avy dia vao maika toa mihamaizina.

- "I Eoropa dia ahafahantsika manangana indostria sangany afaka mifaninana amin'ny i Etazonia sy Chine".
Kanefa ny Komisiona Eoropeana dia manakana ny làlana rehetra hiarovana azy, toy ny efa ataon'i Etazonia sy Chine araka izay hiadanan'ny kibony, nefa manome vahana ny fividianana ny orinasa manodina vy ho amin'ny tombotsoan'ny Indiana, hitany fa ara-dalàna ary mampirisika mihitsy aza ny hifindrany toerana sy ny fanapotehana amin'ny ampahany manontolo ny indostriantsika toy ny eo amin'ny fanamboaran-damba, fanaka, kilalao,solomaso sns...

- "I Eoropa dia fahazoana antoka ny ara-tsosialy".
Nefa ny Komisiona Eoropeana dia mitsara fa mitombona ny hamindrana toerana (orinasa) mankany amin'ny tany mampiasa amin'ny karama farany ambany ary mandà ny firindrana ara-tsosialy sy ara-ketra eo anivon'ny Firaisana Eoropeana ary mandrisika ampahibemaso ny fitomboana ara-tsosialy sy ara-ketra mahamenatra.

- "I Eoropa dia mahafehy tsara kokoa ny fifindra-monina".
Saingy ny fifanarahana Schengen, mifanohitra amin'izany, dia nanafoana ny fanaraha-maso ny sisintany rehetra ary nanova ny firenentsika ho goroabaka toy ny lava-tsivana izay idiran'ny olona sy ny entana tsy misy fanaraha-maso,

- “I Eoropa dia hanampy ny fambolentsika”.
  Saingy i Bruxelles dia nanomana ny fanjavonan’ny fambolena nentim-paharazana

Sns.

## Tsy fifankazahoan-kevitra lehibe amin’ny olana ara-politika ao France

Raha fehezina, dia ny fampielezan-kevitra tsy marina, tsy ankijanona izay mandrara ny hanaovana jery todika ara-tsikera ny fananganana eoropeana ary nahatonga indrindra noho izany antony izany fanimbazimbana izay hevitra rehetra hanao izany, nefa ireo vokany izay miharatsy amin'ny lafiny rehetra dia manakana ny ahitana izay mety ho antony mahafa-po.

Izany no nahatonga ny tsy fahazoan-kevitra lehibe nandritry ny ampolo-taonany maro. Teo amin'ny antoko havanana hatramin'ny antoko ankavia, dia marina fa tsy nisy tomponandraikitra pôlitika sahy nilaza manohitra ny drafitra fananganana eoropeana. Nefa na eo amin'ny ankolafiny pôlitika aza, tsy nahitana tomponandraikitra pôlitika izay milaza ho momba an'i Eoropa amin'ny endriny ankehitriny. Hita tokoa izany teo amin’ny fampielezan-kevitra ho an'ny fitsapan-kevibahoaka natao ny may 2005 momba ny lalam-panorenana eoropeana. Hany ka ny zavatra singanin'ireo mpanaramaso, raha ny mpomba ny TSIA mampiseho ny fandavany an'i Eoropa amin'ny endriny ankehitriny, ireo mpomba ny ENY kosa dia mampiseho ankolaka ny fandavany azy arak’izany antony izany ihany satria voalazany fa io lalam-panorenana io no hitondra ny fiovana tena ilaina ("fidio ny ENY ho an'i Eoropa miroso","ENY ho an'i Eoropa ara-tsosialy,sns…").

Raha fintinina dia ireo tompon’andraikitra politika Frantsay rehetra dia manambara ho manohana ny foto-kevitry ny fanorenana Eoropeana ary manohitra ny fomba hanantontosana azy izay hitantsika.

Mba hamahana io olan'ny fifanoherana io,dia samy milaza tsy sazoka fotsiny ny tsirairay hoe"eoropa hafa" ary mampamirapiratra teo anoloan'ireo mpifidy izay tsy dia mino loatra izay lazaina azy ireo, io "Eoropa hafa" io anie ka karazan'i Frantsa ihany fa lehibebe kokoa. Saingy tsy misy milaza fa io fanantenana mamitaka io dia faniriana ara-panahy izay tsy hisy vokany. Satria tsy kisendrasendra na tsy nahy no nahatonga an'i Eoropa ho toy izao.

Fa vokatrin’ny tombotsoan'ny firenena 28 mpiray antoka mifanohitra ary i Frantsa izay manana kaomisera iray amin'ny 28 (izany hoe 3,7%) dia tsy afaka manasongadina ny fomba fijeriny sy ny maha izy azy ary ny tombotsoany ao amin'ity fivondronana ity izay misy ireo firenena milahatra miaraka amin'i Etazonia izay maro an'isa.

Ny UPR dia mahatsapa indrindra fa ao anatin'io fahavoazan'ny saina ara-pôlitika ankapobeny io no mampisy ny tohana lehibe eo amin'ny toeran'ny Frantsay. Satria tsy te-handray anjara izy ireo na tsy sahy hamakafaka hatramin'ny farany ny antony sy ny fandavana manontolo raha ilaina izany ny fananganana eoropeana, ireo antoko pôlitika frantsay amin'ny ankapobeny dia tsy afaka hampiseho ny sarababem-bahoaka sy ireo gazety sy haino aman-jery afa tsy fijery mifangaro ary mikorontana ho an'ny demokrasia, izany hoe manakiana an'i Eoropa, fa kosa manaiky ny foto-pisainany na dia - mba ahatonga ireo valiny hahasarika ny Frantsay- tsy misy volavolan-kevitra mba ahazoana ny faneken'ireo fanjakana 27 mpikambana.

Noho izany ny pôlitika Frantsay rehetra dia misavorovoro ary lany hery amin'ny fanetsiketsehana ireo mpikambana, izay mamela mibanabana ny lalàna ho an'ireo mahery setra.Tena zava-dehibe raha izany ny fanazavana ny toe-draharaha pôlitika Frantsay amin'ny famoronana antoko iray izay manana tanjona manokana hamaha ny tsy fifankazahoan-kevitra.

## 2. Ny fialàna ao amin’ny Fikambanana Eoropeana no làlana tsy azo hidivirana ahatongavana amin’ny fanarenam-pirenena.

Lavitrin’ny fikasana hitondra fandriampahalemana, demokrasia ary firoboroboana, ny fampitambarana atao an-tery ny kaontinanta eoropeana, na haseho amin’ny fomba ahoana na arahina fampanatenana ahoana, dia mametraka revirevy tsy ho takatra mandratra izay tsy maintsy hitondra an'i Frantsa sy ny tany eoropeana mankany amin’ny rafitra didy jadona ara-politika, tsy mahomby ara-toe-karena, tsy azo leferina ara-tsosialy, mandranitra ady ara-diplaomatika, tsy ampiheverana ara-piaraha-monina ary tsy mitsinjo ny maha-olombelona ara-kolontsaina.

Ny fahaleovantenan'i Frantsa sy ny fiandrianan'ny vahoaka frantsay ihany no afaka hiantoka ny firoboroboan'ny firenentsika sy ny fampandehanana araka ny tokony ho izy ny demokrasiany, ny famirapiratany eo imason'izao tontolo izao, ny asa ataony ho an'ny fandriampahalemana sy ny firahalahiana amin’ny vahoaka erantany, tsy hanavahana fihaviana ara-jeografia na ara-pinoana.

**Ny hamaranana ny hevitra manjavozavo**

Ny antony iray lehibe nananganana ny UPR dia mifantoka amin’ny fahatsapany fa ny hetsika ara-pôlitika mitaky ny fiandrianam-pirenena dia mampibaribary tetikasa roa tsy mazava :

- Eo andaniny, izy ireo dia mametraka ny fiandrianam-pirenena ho anton-dresaka miaraka amin’ny zavatra maro samihafa. Nefa ny hampifangaroana ny vina eoropeana anatin-javatra maro dia manakona ny toetra fototra maha izy azy ary hijoroan'ny fanapahan-kevitra ilaina hamerenana ny fiandrianam-pirenentsika.
- Eo ankilany, eken'izy ireo ny sarisary momba ny fananganana eoropeana izay azo ovaina. Izy ireo koa dia milaza ho momba ilay "Eoropa hafa endrika", toy ny hoe "Vondron'ny Firenena Eoropeana" izay tsy hain'izy ireo omena mazava akory hoe amin’ny fomba ahoana no ampifanarahana ny Komisiona eoropeana amin’ny ireo fanjakana 27 mpikambana ao aminy.

Nohon'ny fiheverany fa izany endrika mifanjevo izany no antony voalohany mahatonga ny fanilikilihana ny fomba fijerin'olona azo lazaina nefa ho tena maro an-isa eto amintsika, ny UPR dia nametraka ho fitsipi-pifehezany ny hanana fandaharan'asa mazava sy entitra ary hanolotra izany amin'ny fomba milamina, demokratika ary mahitsy amin'ny vahoaka Frantsay.

Izany fandaharan'asa izany dia mikendry ny hanala an'i France avy ao amin’ny ilay antsoina hoe "Vondrona" eoropeana ary handà izay tetik'asa rehetra hampiditra azy ao, na hampifangaro azy ao, na hanilikilika ny fahafahan'ny vahoaka frantsay, na inona na inona endriny.

Amin'ny lafiny pratika, ny UPR no hany hetsika pôlitika manolo-kevitra - sy mampiditra ao anatin'ny sata mifehy azy - fa tsy afaka ny handroso mihitsy i Frantsa raha tsy mifototra amin’ny ireto firehina telo lehibe ireto :

1) tsy ekena ireo fifanarahana eoropeana rehetra, ao anatin'izany ny fifanarahana tany Rome

2) lavina ny "fananganana eoropeana" miaraka amin’ny ireo fampanantenana tsy misy farany ny "Eoropa amin’ny endriny hafa ».

3) Soratana ao anaty Lalampanorenana frantsay ny fandraràna famindrana fiandrianam-pirenena tsy mifantoka amin-javatra tena mazava, voafetran'ny fotoana sy ny antony, ary fehezin'ny fifanarahana iraisam-pirenena miorina amin'ny fampiarana mitovy eo amin'samy Fanjakana.

Ny UPR dia mihevitra fa ny fahazavan'ity fandaharan'asa ity, sy ny sehatra goavana hiantefany hanafaka, dia ahazoana hanapaka ny fifanjevoan-kevitra sy ny tsy fahombiazan'ny

"fiandrianam-pirenena" miverimberina izay mampitony fotsiny, ary hiteraka korontana politika lehibe izay irian'ny vahoaka frantsay nefa tsy tena azony an-tsaina akory.

Ny fitodiana amin’ny tantaram-pirenena nandritry ny diman-jato sy arivo taona, no hanamarihan'ny UPR fa amin’ny alalan'ny fanapahana ny fipetraky ny fiandrihanam-pirenena aloha no azahoana mamerina indray ny fahefam-panjakana hampihatra amin’ny fomba mahomby ny fandaharan'asa ho amin’ny fampandrosoana ara-toe-karena, koltoraly sy sosialy izay mifanaraka amin’ny lanja omen'ny Repoblika frantsay ny fahafahana, ny fitoviana ary firahalahiana.

## Fandaharana fanafaham-pirenena manaisotra ny fizarana ho antoko ankavia-ankavanana

Ny fandaharan'ny UPR raha ny marina dia tetikasa hanafahana ny firenena. Tsy raharahainy, ara-lojika ary fanahy iniany, ny fisarahana nentim-paharazana ankavia-ankavanana.

Ny UPR dia tsy milaza fa tsy misy tsy akory ny fisarahana ankavia- ankavanana. Manamafy kosa izy fa rehefa tandindomin-doza marina i Frantsa dia tokony ahantona aloha io fizarana io eo anoloan'ny hamehana.
Misy arak'izany, eo amin’ny samy mpikambana ao amin’ny UPR, ny Frantsay avy amin’ny loko pôlitika rehetra, izay azo hinoana fa tsy mitovy hevitra eo amin’ny lafiny ara-toe-karena na sosialy, na koa momba ny resaka mitranga eo amin’ny fiaraha-monina. Kanefa izy rehetra dia miara-manaiky fa tsy ilaina ny ady hevitra amin'ireo lafiny ireo raha toa ka ny fanapahan-kevitra stratejika momba izany dia efa notapahina kanefa tsy tonga saina tamin’ny izany na nampahafantarina mialoha akory ny Frantsay. Inona ohatra no ilàna adihevitra tsy misy farany, na hifandrohitana momba ny hetra, ny ady amin'ny famindran-toerana, ny famatsiana ny toe-bolan'ny fisotroan-dronono, ny fifindrà-monina, ny tontolo iainana, sns..., kanefa ny hevi-dehibe stratejika nampiharina tamin’ny izany, izay nangalarina avy tamin'ny vahoaka Frantsay, dia efa notapahin'ireo mpitondra tsy voafidin'ny BCE sy ny Kaomisera eoropeana izay tsy voafidy ihany koa.

Ny UPR dia manindry manokana fa ny fihanaky ny zandrin-kevitra miaraka amin'ny loha-hevitra "Eoropa amin’ny endriny hafa", dia iray amin’ny ireo fitaka lehibe naroson'ireo mpomba ny fananganana eoropeana mba hanakanana ny Frantsay hifototra amin'ny any vonton-kevitra manan-danja : Iza no manana ny fahefana hanapaka ny inona ?

Vokatr'izany ny UPR no antoko nanapa-kevitra tsy ho voasariky ny adihevitra madinika rehefa ny zava-dehibe no lalaovina. Ankoatra izay, ny mpikambana ao amin’ny UPR dia mametraka ho fitsipika lehibe fa tsy sehatra tokony hiadian-kevitra amin’ny zavatra madinika ny UPR, raha tsy hoe ilaina ny mampiseho ny tsy fifehezan'ny tompon'andraikitra nasionaly ny zavamisy. Arak'izany dia tsy eken'ny antoko UPR ny mampiditra ao anatiny hevitra mitondra fisarahambazana manimba na tsy misy antony.

## 3. Fehiny: ady ho an'ny maha-olombelona

Ny fahalalahan'ny fomba fijery izay omena ireo mpikambana ao amin’ny UPR manoloana ireo lohahevitra maro dia misy fetra ihany satria mila tandrovana ny hery sy ny fiarahamiasa ao amin’ny antoko. Mila tandrovana koa ny fitsipi-pitondratena izay mibaiko fa tsy azo atao ny mitifitra olona nohon'ny finoany, ny fiaviany na antony hafa.

Ny UPR dia manavaka tsara ny antsoina hoe firenena sy ny fitiava-tanindrazana andaniny ary ny nationalisma ankilany. Rehefa noraisiny ny teny malaza nataon'i Jaurès manao hoe "ny tanindrazana ihany no mba hany fananan'ny olona tsy manana na inona na inona", ny UPR dia manamafy indrindra fa ny tanindrazana sy ny firenena no hany sehatra hampiarana marina ny demokrasia sy ny firaisankina eo amin'ny taranaka mifandimby sy ireo sokajin'olona samihafa eo amin’ny fiaraha-monina.
Noraisiny ihany koa ny tenin'i Charles de Gaulle nanazava tamin’ny i Alain Peyrefitte fa "isika dia tsy olon'ny antoko fotsiny fa olom-pirenena", ny UPR dia manamafy fa ny ankabeazan'ny fifanolanana dia tsy avy ao amin'ny firenena fa kosa avy amin' ny finiavan' ny iray amin’ny izy ireo izay miezaka hivoaka ny sehatra nationaly mba ho tonga fanjakana hanery ireo firenena hafa lasa mpanompony hanaraka ny soatoaviny.

Ny UPR izay maneho ny fitiavany ny tanindrazany ary mandà ny  nationalisma dia mandà ihany koa izay rehetra mampiseho fihetsika mahery, fanavakavaham-bolokoditra, fitsitokotokoana, ary mitana ny fahafahana ara-pinoana sy manaja ny Fanambarana Manerantany momba ny Zon'Olombelona izay nankatoavin'ny Fivoriamben'ny Firenena Mikambana tamin’ny 10 desambra 1948. Io Fanambarana io ary ny andininy voalohany amin’ny Fifanarahan'ny Firenena Mikambana momba ny zo sivily sy pôlitika tamin’ny 16 desambra 1966 izay mametraka ho fitsipika tsy azo ivalozana ny zon'ny vahoaka amin'ny fizakan-tena, dia maneho ny fanamarinana ambony indrindra  ny n'ny UPR, izay mamerina noho izany amin’ny Frantsay ny zony tsy azo esorina hizaka tena, ary handidy azy handà ny endrika rehetra hisehoan'ny fanandevozana na fanahy iniana izany na natao an-keriny.

Amin'izany fomba fijery manerana ny planeta izany, ny UPR dia manamafy indrindra fa amin'izao taonjato faha XXI izao izay hanjakan'ny fifanakalozana sy ny serasera maneran-tany, ny hany fahefana iraisam-pirenena ara-drariny dia ny Firenena Mikambana izay mametraka ho fitsipi-pitondrana fara-tampony fa heverina ho mitovy lenta tanteraka ny vahoaka rehetra sy ny firenena rehetra.
Ny hevitra izay mikasa hanorina, amin’ny nahiny na amin-kery, fanjakana eoropeana - na Eoro-Atlantika-  izay ahitana firenena sasany ary manilika ny hafa rehetra, dia fahadisoana mahatsiravina ary fandikana diso goavana ara-tantara, ka ny vokany eran-tany dia mety hiteraka tsy fandriampahalemana ratsy dia ratsy..

Izany no antony mahatonga ny UPR mandrisika ny fiarahamiasan'ireo firenena erantany amin’ny endrika maro miaraka amin’ny ireo fanjakana rehetra eto amin’ny planeta, tsy misy fanavahana mampiahiahy, ara-moraly, na nohon'ny fihaviany na tsia avy amin’ny kaontinanta eoropeana. Ny UPR dia mampatsiahy amin’ny izay lafiny izay fa ny famaritana ny fiantsoana hoe kaontinanta dia fifanarahana ara-jeografia fotsiny ihany ka tsy misy ifandraisany mihitsy amin’ny fifandraisana sy fifanakalozana izay hifanaovan'ireo fanjakana maro eran-tany.

Ny UPR koa dia mikasa ny handalina sy hampivelatra ny Frankofonia ho ivon'ny fifandanjana sivilizasiona ilaina amin'ny fitazonana ny fahasamihafan'ny kolontsaina eran-tany. Ny UPR dia mihevitra ny hampiditra ao anaty lalampanorenana Frantsay ny tsy azo hamindrana ny toerana maha-mpikambana maharitra an'i Frantsa ao amin’ny Filankevi-pilaminan'ny Firenena Mikambana ary hananany zo hitsivalana amin’ny izay mety heverina ho vahaolana

tapaka ao. Izany no ahafahan'i Frantsa tsy hoe hitazona fotsiny ny anjara asany amin'ny maha-firenena matanjaka azy eran-tany, fa koa ankoatra izay, azahoana manome antoka ny firenena miteny frantsay toerana manan-danja eo anivon'izao tontolo izao.

Farany, ny UPR dia manambara fa tsy misy fandrosoana azo heverina na azo ekena eo imason'ny Frantsay raha tsy mifanaraka amin'ny tanjona miantoka fahafahana, fitoviana ary firalahian' ny Repoblika, ary koa manaja ny ara-pinoana, ny maha-olona, ny fahasamihafana ara-koltoraly, ny fahamarinana ara-tsosialy ary ny fandavana ny fitsitokotokoana.

Ny UPR dia manipika fa ny fitambaran'ireo soatoavina ireo no mahatonga an'i Frantsa mipetraka ho fakan-tahaka erantany ho an'ireo izay mandà ho fanaovana izao tontolo izao ho entam-barotra amin'ny ankapobeny sy ny fanambaniana ny olombelona ho toy ny singa tsotra miovaova ara-ekonomika ihany. Ny hialan'i Frantsa  tsy ho eo amin'ny nofinofy ratsy ny fanjakana eoropeana, izany no mahatonga ny UPR miady mba hitandrovana ny maha-olona eo amin'ny fiainany ara-tsosialy, ary koa ny fahafahana, ny famahàna ny fatorana ary ny fanomezan-danja ny olombelona rehetra erantany.

Amin'izao fiandohan'ny taon-arivo fahatelo izao, dia tsy misy zava-dehibe mihoatra noho izany.

